



Alarobia 25 Febroary 2015

Amin'ny 8 ora alina

Fampianarana

## ADY AMIN'NY FITIAVAN-TENA LE COMBAT CONTRE LE NARCISSISME (Matthieu 23, 13-33)

**Famaritana ny atao hoe « Narcissisme »**

**Lovan-tsofina ny amin'i Narcisse**

Ny « narcissisme dia avy amin'ny teny hoe « Narcisse », angano grika iray mitantara lehilahy antsoina hoe « Narcisse ». Narcisse dia zanaky ny iray amin'ireo andriamani-bavin'ny natiora (divinités féminines de la nature) grika « nymphes », izay nanambady ny andriamanitry ny renirano (dieu du fleuve). Tovolahy tsara tarehy tokoa i Narcisse, ka izay rehetra manatona azy dia tena raiki-pitiavana azy avokoa. Fa izy kosa dia tsy nahatsapa tao anatin'ny tao afa-tsy fanamavoana, fanaovana tsinontsinona, tsy firaharahana ny hafa. Nanao izay nampalahelo zatovovavy maro araka izany izy. Indray andro, ny anankiray tamin'ireo zatovovavy dia nilazan'ireo andriamanitra ny famaizana ho an'i Narcisse : satria tsy mety ho tia olon-kafa i Narcisse, dia ho raiki-pitia amin'ny tenany izy. Izy tokoa no nitranga tamin'i Narcisse. Nahita ny sariny (reflet) tao anaty ranon'ny loharano iray izy ary faly tena faly indrindra ka tonga raiki-pitia tsy misy tahaka izany tamin'ny sariny izay hitany tao anaty rano. Sady tsy afaka nanakaiky izany sariny izany anefa izy no tsy afaka koa nanalavitra azy. Tsy nahalala sasatra mihitsy izy nibanjina io sariny io tao anaty rano. Nihareraka tsikelikely teo izy ary maty teo mihitsy no niafarany. Nitsimoka teo akaikin'io toerana io ny voninkazo iray mamerovero, ka nomena anarana hoe « Narcisse ».

Inona no ambaran'izany angano izany ? Ny olona iray lazaina hoe narcissique dia olona izay tia ny tenany tafahoatra ; olona tsy afaka manao ezaka hitia ny hafa ; olona tsy afaka hanana fihetsem-po ho an'ny hafa (sentiments pour d'autres). Mambabo olona maro anefa izy, ary mitondra fijaliana ho an'ny hafa. Fa izy koa dia mijaly amin'ny fahatsapany fa tsy tia afa-tsy ny tenany izy. Mitondra azy ho amin'ny fahadisoam-panantenàna (frustration suprême) tanteraka izany ary miafara amin'ny « dépression » sy ny fahafatesana (mort).

Misy famaritana vitsivitsy ny amin'ny atao hoe « narcissisme » na « égocentrisme » ireto.

Famaritana voalohany : Fitiavana tafahoanatra ny tena (Amour excessif de soi), fanomezana lanja be loatra ny tena, tsy misy hoatra ahy, ary fanaovana ho tsy vidiny ny hafa na fanaovana tsinontsinona ny hafa (survalorisation de soi et dévalorisation de l'autre) : izaho no tena mahavita azy fa ny hafa tsinontsinona avokoa, izaho no tena mahery, izaho no tena mahay, sns.

Ahitana azy io na amin'ny ankizy (enfant) na amin'ny zatovo (adolescent) na amin'ny olon-dehibe (adulte). Fahita mahazatra amin'ny zaza sy ny ankizy izany ; somary mihena kely fotsiny eo amin'ny zatovo. Ny « Narcissisme » na koa hoe « trouble de personnalité narcissique » dia endrika ankapobeny isehoan'ny haitraita, faniriana (fantaisie ou caprice ou désir) na fitondrana mahatalanjona ; olona te hoderaina (avoir besoin d'être admiré), olona te hiavaka amin'ny be sy ny maro ; olona tsy mahay mipetraka amin'ny toeran'ny hafa na mahatsapa izay tsapan'ny hafa (manque d'empathie).

Famaritana faharoa (mitovitovy amin'izay ihany) : Ny « Narcissisme » na « égaucentrisme » dia tsy fahafahan'ny olona iray mitia ny hafa (incapacité d'une personne d'aimer l'autre). Ny zazakely vao teraka dia « narcissique » ary heverina fa « normal » izany satria mbola tsy manana fahatsapana ny tontolo ivelany izy (monde extérieur). Io ilay antsoin'i Freud hoe « narcissisme primaire », izay voajanahary (naturel) (Sigmund [zikmont] Freud dia médecin neurologue autrichien, fondateur de la psychanalyse). Fa raha ny lehibe no « narcissique » dia misy olona ao. Io indray kosa ilay antsoin'i Freud hoe « narcissisme secondaire ». Ny « narcissique » hoy i Freud, indraindray dia tsy mitady ny hotiavina fa ny mba hiavaka fotsiny ihany (il ne cherche pas à être aimé mais uniquement remarqué).

I Erich Fromm kosa (Psychanalyste humaniste américain d'origine juive allemande) dia manamarika fa ny « narcissique » dia tsy mahazaka mihitsy hoe tsy mitovy aminy ny hafa, ary ihatahany izany olona izany (le narcissique ne supporte pas que l'autre soit différent de lui et il va donc le rejeter) Ny « narcissique » dia tsy mahazaka an'izany hoe tsy tratrany ny tanjona kendreny, tsy tanterany ny faniriany (Il ne supporte aucune frustration) ; tsy mahazaka fanakianana. Mifidy izay tiany sy izay metimety aminy amin'ny resaka na teny ataon'ny hafa izy (Il a tendance à choisir dans le discours de l'autre ce qui lui est favorable.), hoy ihany i Fromm. Sarotra amin'ny « Narcissique » ny manao jery kiana ny tenany (s'autocritiquer), ny liana amin'ny hafa (s'intéresser à l'autre). Mahatsapa ho tsy manana fitoniana anaty (Il a un sentiment profond d'insécurité), mihatsapa ao anatiny ao fa ambany nefa tsy mampiseho izany ety ivelany, ny mifanohitra amin'izany aza no asehony ety ivelany. Sary tsara no hahitan'ny olona azy ka matahotra izy sao very na miala aminy izay sary tsara izay (il a peur de perdre l'image qu'on lui renvoie). Manana fisalasalana mandrakariva ny aminy ny « narcissique » ; tiany hotiavin'ny olona izy fa izy kosa tsy mety ho tia olona. Miovaova isaky ny vanim-potoana iainana ny endrika isehoan'ny « égocentrisme » (zaza, ankizy, tanora, lehibe, antitra). Variana mijery ny tenany fotsiny ny « narcissique », ka mandà ny hifandray ara-pitiavana (amour) sy haka namana (amitié) ny hafa.

Ireto zava-mitranga ireto no ahafahana milaza fa misy « trouble de personnalité narcissique » ao amin'ny olona iray :

**Voalohany** : Mihevitra ny tenany ho manan-danja manokana sy mahatalanjona izy (Mihevitra ny zava-bitany sy ny fahaizany ho mihoatra noho ny izay maha izy azy ; miandry izy mba ho eken'ny olona ho manatombo raha mitaha amin'ny hafa na dia tsy dia nahavita zavatra goavana aza.) **Ny zavatra tiany ho heno avy amin'ny olona dia izao : izy kosa aloha dia hafa mihitsy raha mitaha amin'ny hafa, mahavita azy.**

**Faharoa** : Jamban'ny fitiavam-bahombiazana tsy misy farany, te hahomby foana, tia fahefana ; tia voninahitra ; fitiavana fahatsaran-tarehy, te ho tsara foana noho ny hafa ; tia fitiavana tonga lafatra, te hanana fitiavana tonga lafatra.

**Fahatelo** : Mihevitra ny tenany ho hafa kely mihitsy izy ka tsy misy mitovy aminy. Tsy manaiky hiditra raha tsy any amin'ny sarangan'ny olona manokana sy ambony.

**Fahaefatra** : Te hoderaina mafy, foana ; te hohasohasoina mandrakariva.

**Fahadimy** : Tiany hatao aminy ny zavatra rehetra, te ho mpanjaka kely ; te ho tompotompoina sy te hokarakarina manokana ; tiany ho tanterahina daholo ny faniriany.

**Fahaenina** : Manararaotra ny hafa, mampiasa ny hafa mba hahatratrarany ny tanjona, manararaotra ny hafa hahazoana izay tanjona tiany hahatongavana.

**Fahafito** : Tsy afaka mipetraka amin'ny toeranan'ny hafa ; tsy vonona ny hanaiky na hizara fihetsem-po na filàna amin'ny hafa.

**Fahavalo** : Misy fitsiriritana ny hafa ao anatin'ny nefa tsy asehony ety ivelany ary mihevitra izy fa ny hafa koa dia mitsiririatra azy. (Manana kiraro tsara aho, misy olona manana kiraro hafa izay tiako kokoa noho ilay ahy, nefa tereko ny saiko hanaiky hoe ity ahy ity no heverin'ny olona fa tsara, tsiriritin'ny olona.)

**Fahasivy** : Mampieseho fihetsika sy fitondran-tena mieboebo, mihevi-tena ho zavatra, ary manambony tena.

Ireo « critères » eo ambonny ireo dia ahafahanao mamantatra ny tenanao : « Narcissique » ve ianao na tsia. Na koa hoe : Misy toetrana « narcissique » maromaro ve sa vitsivitsy ao aminao ?

Izay raha fantarina amin'ny ankapobeny ny atao hoe « Narcissisme », « égocentrisme ». Fa ahoana no ady atao aminy ? Izay no tena fototry ny fampianarana anio : « Combat contre le narcissisme » Hojerentsika manokana ny **Matio 23, 13-33**.

« Fa lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa arindrinareo eo anoloan'ny olona ny fanjakan'ny lanitra; fa ianareo tsy miditra, ary izay miditra dia tsy avelanareo hiditra. Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa laninareo ny tranon'ny mpitondratena, ary dia manao vavaka lavareny ho fiolahana ianareo; koa izany no hahazoanareo fahamelohana mafimafy kokoa. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandeha mitety ny ranomasina sy ny tany maina ianareo mba hahazoanareo na dia iray ihany aza ho proselyta; ary rehefa azonareo izy, dia ataonareo zanaky ny helo mihoatra indroa noho ianareo aza. Lozanareo, mpitarika jamba izay manao hoe: Raha misy mianiana amin'ny tempoly, dia tsy mampaninona izany; fa raha misy mianiana amin'ny volamena amin'ny tempoly, dia haningo-tena izy. Ry adala sy jamba! Iza no lehibe, ny volamena va, sa ny tempoly izay nahamasina ny volamena? Ary koa: Raha misy mianiana amin'ny alitara, dia tsy mampaninona izany; fa raha misy mianiana amin'ny fanatitra eo amboniny, dia haningo-tena izy. Ry jamba! iza no lehibe, ny fanatitra, sa ny alitara izay mahamasina ny fanatitra? Koa amin'izany, izay mianiana amin'ny alitara, dia mianiana aminy mbamin'ny zavatra rehetra izay eo amboniny. Ary izay mianiana amin'ny tempoly dia mianiana aminy mbamin'izay mitœtra ao anatin'ny. Ary izay mianiana amin'ny lanitra dia mianiana amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra mbamin'izay mipetraka eo amboniny. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina\* ianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin'ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindram-po ary ny finoana; ireto tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireoana. Ry mpitarika jamba! Tantavaninareo ny moka, nefa atelinareo ny rameva. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa diovinareo ny vohon'ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatin'ny dia feno rombaka sy tsi-fahononana. Ry Fariseo jamba! Diovy aloha ny atin'ny kapoaka sy ny lovia, mba ho madio koa ny vohony. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatin'ny dia feno taolan'ny maty mbamin'ny fahalotoana rehetra. Dia tahaka izany koa ianareo: raha amin'ny eo ivelany dia miseho amin'ny olona ho marina, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsaram-belatsihy sy tsi-fankatoavan-dalàna. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa manao ny fasan'ny mpaminany ianareo sady manisany haingony ny

rarivatom-pasan'ny olona marina, ka hoy ianareo: Raha niara-belona tamin'ny razanay izahay, dia tsy mba nikambana taminy handatsa-drà ny mpaminany. Ka dia miampanga tena ianareo fa zanak'izay namono ny mpaminany. Ary ianareo koa dia mamenoa ny famaran'ny razanareo. Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana no fandositra ny fanamelohana ho any amin'ny helo? » (Matio 23:13-33)

Manampy antsika hahazo bebe kokoa izay tian'ny Tenin'Andriamanitra ambara, ry havana, ny fahafantarana ireto fahalalana vitsivitsy ireto. Ao Jerosalema no miseho ny tantara, na ny marimarina kokoa ao amin'ny Tempolin'ny Jerosalema. Raha ny momba ny fotoana kosa dia nandritra ilay herinandro faraparany nahaveloman'i Jesoa, na ny marimarina kokoa, dia ny Talata tamin'io herinandro masina io. Manoloana an'i Jesoa ireo mpanara-dia azy, izay vao avy nihoby Azy ny Alahady mialoha io Talata io tamin'ilay fiakarana tam-boninahitra tao Jerosalema, izay nihobian'ny vahoaka Azy hoe : « Hosana ho an'ny Zanak'i Davida ». Ny Alatsinainy Jesoa, ilay nandravarava ireo mpivarotra tao amin'ny Tempoly, ilay fotoana nitenenany hoe : « Efa voasoratra hoe: Ny tranoko hatao hoe trano fivavahana (Isa. lvi. 7); fa ianareo kosa manao azy ho zohy fieren'ny jiolahy (Jer. 7. 11). » (Matio 21:13). Tena tezitra tamin'i Jesoa ireo Lohan'ny mpisorona (Chefs des prêtres) sy ny mpanora-dalàna (spécialistes de la Loi) tamin'io andro Alatsinainy io. Rehefa hariva ny andro dia lasa natory tany Betania i Jesoa sy ny mpianany. Ny Talata dia niverina tao Jerosalema indray izy sy ny mpianany, ary nankeo amin'ny Tempoly indray nampianatra. Tonga teo ny Lohan'ny mpisorona sy ny loholona (les responsables), nanao fanontaniana hamandrihana Azy. Nitady ny tetika hisamborana Azy ny Lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo, saingy natahotra ny vahoaka maro nihaino ny fampianaran'i Jesoa. Tonga tsimoramora teo koa ny Sadoseo nihaino Azy, nametraka fanontaniana fandrika koa. Eto amin'ny toko 23, izay raisintsika anio, rehefa avy namandrika an'i Jesoa tamin'ny teniny ireo Lohan'ny mpisorona, ny mpisorona, ny Fariseo, ny sadoseo, fa tsy nahazo Azy dia nangina tanteraka. Nitodika tamin'ireo mpanara-dia Azy sy tamin'ny vahoaka amin'izay i Jesoa nampianatra. Aza manao tahaka ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna, hoy i Jesoa. Toy ny mpitari-bato vilam-bava ireo : hafa ny tondroin'ny tanany ary hafa no tenenin'ny vavany. Izay teneniny dia araho fa izay ataony aza atao satria mifanohitra amin'izay teneniny ny ataony. Milaza ohatra vitsivitsy eo i Jesoa. Manomboka eto amin'ny and.13, izay horaisintsika manokana anio, dia mitodika manokana amin'ireo mpanora-dalàna sy ny Fariseo i Jesoa. Azo lazaina fa tena henjana ny tenin'i Jesoa amin'izy ireo. Mialoha ny hijerentsika izany teny henjana nataon'i Jesoa tamin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto izany, dia ndeha aloha, ry havana, hofantarintsika fohy hoe : Iza moa ireto mpanora-dalàna sy Fariseo, izay tena tsy nihafihafy tokoa i Jesoa niteny taminy ?

## Ny Mpanora-dalàna

Ireo anarana isan-karazany iantsoana ny Mpanora-dalàna ampiasain'ny Baiboly : mpanora-dalàna (scribes ou maître de la loi, cf. Mat.2,4), hommes du livre, Mpahay lalàna (hommes de la Loi, cf. Mat.22,35) , mpampiana-dalàna (docteurs de la Loi, cf ; Lio.5,17), Raby ( rabbi, cf. Mat. 23,7, maître) ; indraindray dia antsoina hoe Rabôny ( Rabbouni, cf. Mar. 10,51, midika hoe « mon maître »)

Tao amin'ny Testamenta Taloha, ny mpanora-dalàna (scribes) no miandraikitra ny fanoratana ny lalàna tamin'ny « rouleaux sacrés », sy mitahiry izany. Taty aorian'ny fahababoana, nilaina ny fanazavana ny lalàna. Izy ireo no niandraikitra ny fanazava ny Torah. Nanohy ny asan'ny mpaminany ireo taty aorian'ny andron'ny mpaminany : mpanabe sy mpitarika ara-panahin'ny vahoakan'Andriamanitra. Tamin'ny andron'i Kristy, izy ireo no mpampianatra sy mpiaro ny lalàna. Maro tamin'ireo mpanora-dalàna ireo koa anefa no manao ny asan'ny mpandika

(copistes) na mpitsara (juges) any amin'ny toerana misy azy (Marc2:6; 9:14; Luc 5:17-21). Tao koa ireo nanampy ny mpisorona eo amin'ny lafiny ara-pitsarana (procédure judiciaire), amin'ny fampiharana ny fomba amam-panao jiosy (traditions juives) andaniny, ary manampy amin'ny andraikitra ny sinedriona ankilany. Mpikambana ao amin'ny sinedriona ny maro.

Ny ankamaroan'ny mpanora-dalàna dia manana fironana Fariseo (tendance pharisienne), izany hoe mankasitraka sy mampiasa ny lalàna tsy voasoratra (tradition orale) fa tsy ny lalàna voasoratra ihany. Izy ireo no hakan'ny vahoaka hevitra mikasika ny fiainana ara-pinoana. Mahazo ny fon'ny vahoaka kokoa izy ireo raha mitaha amin'ny hafa, ary to-teny eo amin'ny Sinedriona. Na izany na tsy izany, dia anisan'ny mpanaja ara-bakiteny ny lalàna ny mpanora-dalàna (légalisme étroit, hoy isika). Ho fanampiana ny olona amin'ny fampiharana ny lalàna, dia misy ireo lalàna madinika be dia be na zavatra takiana maro noforonin'izy ireo ka mahatonga ny lalàna ho lasa enta-mavesatra amin'ny olona. Lasa takon'ireny zavatra madinidinika maro be ireny ny tena foto-javatra, ary matetika tsy mifanaraka amin'izay eritreretin-dry zareo ny zava-misy iainan'ny olona, ka nahatonga an'i Jesoa nanao fanitsiana maro sy namerina amin'ny laoniny ny maha izy azy ny lalàna. Anisan'ny fototry ny fifandonan'i Jesoa tamin'ny mpanora-dalàna izany.

### **Ny Fariseo :**

Tany amin'ny taona 165 talohan'i JK no efa nisian'ny Fariseo. Ny Fariseo izay secte jiosy, ary izay mihitsy no nahatonga ny anarany hoe « peroushim », teny hebreo izay midika hoe « ireo nisitaka » (les séparés)] Tamin'ny andron'i Jesoa Kristy, ny Fariseo dia mikatsaka ny fanatanterahana ny lalàna amin'ny antsipirihany sy amin'ny fomba hentitra. Amin'izy ireo, ny mpino rehetra no tokony hitandrina ny lalàna voasoratra na ny Torah (Ireo boky 5 voalohany ao amin'ny TT, dia ny Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, Nomery, Deuteronomia), sy ny lovan-tsofina (Traditions orale). Vokatry'izany, dia lalàna hatramin'ny 613 no tsy maintsy tandremana. Ankoatr'izany, ireto Fariseo ireto dia mino ny tsy fahafatesan'ny fanahy, ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty, ny fitsarana farany, ny fisian'ny anjely. Izy ireo dia manindry mafy ny fitandremana ny sabata sy ireo fombafombam-pivavahana amin'ny fanadiovana. Nanoka-tena tamin'ny fianarana, fandalinana sy fampianarana ny lalàna ny Fariseo. Araka izany dia manampahaizana manokana (spécialiste) momba ny lalàna izy ireo. Tonga nanana ny lanjany teo amin'ny firaha-monina Jiosy izy ireo noho izany. Ny mampalahelo anefa, dia izao, ny fampiharana'izy ireo ara-bakiteny ny lalàna dia nahatonga azy ireo hivaona : tonga nanao tsinontsinona ny hafa, indrindra fa ny mahantra, izay tsy mahafantatra ny lalàna. Tonga hatramin'ny fanakanana ny olona tsy hifanerasera amin'ireo mpanota. Izany rehetra izany no mahatonga ny fifandonana matetika eo amin'ny Fariseo sy Jesoa Kristy. Ho an'ny Fariseo, Jesoa dia mpamitaka, mpanararaotra (imposteur) satria tsy manaraka ny lalàna (tsy manaja ny sabata, milaza ny tenany ho zanak'Andriamanitra, manao ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra.) Andaniny, Jesoa dia miampanga ny Fariseo ho mpihatsaravelantsia (hypocrites).

### **Ady amin'ny « narcissisme »**

*« Fa lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa arindrinareo eo anoloan'ny olona ny fanjakan'ny lanitra; fa ianareo tsy miditra, ary izay miditra dia tsy avelanareo hiditra. » (Matio 23:13)*

(Les sept malheurs sur les scribes et les pharisiens) Im-pito be izao no namerimberenan'i Jesoa tamin'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo, izay ao anatin'ny mpitondra fivavahana tao Jerosalema, ny hoe : « Lozanareo » (Malheur à vous). Inona moa no tena fahadisoan'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto ka nanaovan'i Jesoa azy ireo izao teny henjana izao ? Mihevitra ny tenany ho zavatra loatra ry zareo ireo, tsy misy toa azy amin'ny fahaizana amam-pahalalana, indrindra eo amin'ny fahalalana ny lalàna sy ny Tenin'Andriamanitra. Amin'izy ireo ny hafa dia bado avokoa, tsy mahay n'inona n'inona. Tena manao ny hafa ho tsinontsinona mihitsy ry zareo. Vokatry'izay fiheverany ny tenany ho tsy misy toa azy izay, sy fiheverany ny hafa no tsinontsinona, dia ampianariny amin'izay tiany ampianarina azy ny lalàna. Diso ny ampianarany ny lalàna sy ny Tenin'Andriamanitra. Araka ny nambara teo aloha, na ny mpanora-dalàna na ny Fariseo, dia tsy mianona fotsiny amin'ny lalàna voasoratra fa nandray koa ny lova-tsofina (tradition orale) ho entiny mameno ny fampianarany ny lalàna hany ka mivaona any amin'ny tsy izy ny fampianarany. Mampianatra zavatra maro mifanohitra amin'ny Soratra Masina izy ireo. Tsy izany ihany fa mangetaheta tsy misy farany fahefana, vola ary voninahitra. Izy ireo tsy miditra ary tsy ho tafiditra any amin'ny fanjakan'ny lanitra satria manao fampianarana diso, mamitaka, mandainga ; ny hafa mihaino azy ireo, izay te hiditra any amin'ny fanjakan'ny lanitra, dia ireo izay mihaino ny fampianarana ataony amin'ny maha mpitondra fivavahana azy ireo, dia tsy avelany hiditra ao amin'ilay fanjakan'ny lanitra satria fanazavana diso no omeny azy, hany ka mandeha amin'ny lalana diso. Raha araka ny famaritana nomena antsika ny amin'ny atao hoe « narcissisme », dia azo lazaina tsy ampihambahambana fa tena « narcissique » mihitsy ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto. Na dia ny tenin'i Jesoa momba azy ireo manomboka eo amin'ny and.1 toko 23 aza dia manamafy an'izay. « *Eo amin'ny fipetrahan'i Mosesy no ipetrahan'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; koa amin'izany, izay rehetra lazainy dia ataovy ka tandremo; fa aza mba manao araka ny asany, satria miteny ihany izy, nefa tsy manao. Eny, mamehy entana sady mavesatra no sarotra entina izy ka manaingina izany eo amin'ny soroky ny olona, nefa ny tenany tsy mety manetsika izany na dia amin'ny rantsan-tànany anankiray asa. Ary ny asany rehetra dia ataony mba ho hitan'ny olona; fa ataony lehibe ny fylakiterany, ary ataony vaventy ny somotraviaviny. Ary tia ny fitaerana aloha eo amin'ny fanasana izy, sy ny fipetrahana aloha eo amin'ny synagoga, sy ny hoharabain'ny olona eny an-tsena ary ny hataon'ny olona hœ: Raby ô! » (Matio 23:2-7)*

Olona mpila dera sy voninahitra, izany ireto Fariseo sy mpanora-dalàna ireto. Manao zavatra mba hahitan'ny olona azy sy izay heveriny fa maha izy azy. Mihevitra azy ho tena zavatra, mahay tsy misy tahaka azy, ary manao tsinontsinona ny hafa. Mazava ny tenin'i Jesoa amin'ireny karazan'olona izay mihevitra ny tenany ho tsy misy toa azy sy manao ny hafa ho tsinontsinona ireny : LOZA HO AZY IRENY (Fa lozanareo), TSY HO TAFIDITRA NY FANJAKAN'NY LANITRA IZY IRENY (ianareo tsy miditra ny fanjakan'ny lanitra).

**« Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa laninareo ny tranon'ny mpitondratena, ary dia manao vavaka lavareny ho fiolahana ianareo; koa izany no hahazoanareo fahamelohana mafimafy kokoa. » (Matio 23:14).**

Izany hoe ataony fongana mihitsy ny fananan'ny mpitondra tena. Tsy miraharaha izay maha mpitondra tena azy izany izy. Izany mpitondra tena izany anefa dia anisan'ireo sokajin'olona sahirana ka nahasarotiny an'i Jesoa fatratra mihitsy. Izay ilay toetran'ny narcissique : Manararaotra ny hafa, tsy afaka mipetraka amin'ny toeranan'ny hafa ; tsy vonona ny hanaiky na hizara fihetsem-po na filàna amin'ny hafa. Eto dia abaribarin'i Jesoa mihitsy izany, amin'ny ataony amin'ny mpitondran-tena : Tsy misy fihetsem-po kely akory amin'ilay mpitondra tena fa fonganany ny fananany. Avy eo dia mody manao vavaka lavabe ho an'ilay mpitondra tena mba hanakonana ilay faharatsiana ataony, mba ny fahatsarany no ho hitan'ny olona (Redorer

son blason). Eto koa dia mazava ny tenin'i Jesoa amin'ireny « narcissique » ireny, ireo izay manao vain-drahalahy tsy mba marary, ireo izay tsy mba manana fihetsem-po amin'ny hafa : HAHAZO FANAMELOHANA MAFIMAFY KOKOA IZY IRENY. Mila ampahafantarina ireny olona ireny fa mahatezitra an'Andriamanitra izany, ary ho mafy ny fanamelohana ho an'izay manao izany.

**« Lozanareo, mpitarika jamba izay manao hoe: Raha misy mianiana amin'ny tempoly, dia tsy mampaninona izany; fa raha misy mianiana amin'ny volamena amin'ny tempoly, dia haningo-tena izy. Ry adala sy jamba! iza no lehibe, ny volamena va, sa ny tempoly izay nahamasina ny volamena? Ary koa: Raha misy mianiana amin'ny alitara, dia tsy mampaninona izany; fa raha misy mianiana amin'ny fanatitra eo amboniny, dia haningo-tena izy. Ry jamba! iza no lehibe, ny fanatitra, sa ny alitara izay mahamasina ny fanatitra? Koa amin'izany, izay mianiana amin'ny alitara, dia mianiana aminy mbamin'ny zavatra rehetra izay eo amboniny. Ary izay mianiana amin'ny tempoly dia mianiana aminy mbamin'izay mitœetra ao anatiny. Ary izay mianiana amin'ny lanitra dia mianiana amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra mbamin'izay mipetraka eo amboniny. » (Matio 23:16-22)**

Mihevitra ny tenany ho mahay loatra ireto Fariseo sy mpanora-dalàna ireto na mihevitra ny hafa ho tsy mahay n'inona n'inona mihitsy, hoy isika teo aloha. Heveriny fa tsy hain'ny olona intsony ny manavaka ny hoe iza no lehibe ny tempoly sa ny volamena ao amin'ny Tempoly ; ny alitara ve sa ny fanatitra eo amboniny ? Isika teo ambony dia nilaza fa ny « narcissique » dia olona te hoderaina hoe mahay, tsy misy toa azy, hany ka manaonao foana sy miteniteny foana no iafarany. Dia izany mihitsy no ataon'ireto mpanora-dalàna sy Fariseho ireto. Te hoderaina sy te hodokafana hoe « maître de la loi », « Docteur de la loi », « spécialiste de la loi », dia mikaroka ny tsy fahitan'ny olona. Ny iafarany, ny zavatra tsotra indrindra lasa asarotina, lasa mivaona ny farany. Dia nahitsin'i Jesoa mihitsy ry zareo eto tamin'ilay nohevieriny ho fampisehoana fahaizana. Hoy i Jesoa : **« Ry adala sy jamba! iza no lehibe, ny volamena va, sa ny tempoly izay nahamasina ny volamena? ... Ry jamba! iza no lehibe, ny fanatitra, sa ny alitara izay mahamasina ny fanatitra? »** Nosokafan'i Jesoa ny masompanahiny, izay jamban'ny fahaizana amam-pahalalàna, hahatakatra ny zavatra tsotra indrindra : Ny Tempoly no lehibe noho ny volamena ao anatiny. Noho izany ny mianiana amin'ny Tempoly aza no mampaninona noho ny mianiana amin'ny volamena ao anatiny. Ny alitara no lehibe noho ny fanatitra eo amboniny. Noho izany izay mianiana amin'ny alitara aza no mampaninona noho ny mianiana amin'ny fanatitra eo amboniny. Rehefa tratran'io « amour excessif de l'image de soi » io miaraka amin'ny « survalorisation de soi et dévalorisation de l'autre » (hoe izaho izao), dia lasa miteniteny foana sy manaonao foana. Misy olona dia mahafinaritra azy mihitsy ny manasaro-javatra (mi-complicuer) satria te hoderaina ho mahay sy nandalina manokana mikasika an'iny izy. Tsy mankasitraka izany toetra izany Andriamanitra. Dia mbola mazava koa ny tenin'i Jesoa amin'ireny narcissique ireny : LOZA HO AZY IRENY (Malheur à vous). Ry havana, aoka handini-tena izay mihevitra ny tenany ho tapi-pahaizana amam-pahalalana ary mihevitra ny hafa ho bado, fa miandry azy ireny ny LOZA.

**« Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina\* ianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin'ny lalàna, dia ny rariny sy ny famindram-po ary ny finoana; ireto tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireroana. Ry mpitarika jamba! Tantavaninareo ny moka, nefa atelinareo ny rameva. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa diovinareo ny vohon'ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatiny dia feno rombaka sy tsi-fahononana. Ry Fariseo jamba! Diovy aloha ny atin'ny kapoaka sy ny lovia, mba ho madio koa ny**

***vohony. Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatinany dia feno taolan'ny maty mbamin'ny fahalotoana rehetra. Dia tahaka izany koa ianareo: raha amin'ny eo ivelany dia miseho amin'ny olona ho marina, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsaram-belatsihy sy tsi-fankatoavan-dalàna. » (Matio 23:23-28)***

Misy endrika fihatsarambelatsihy ataon'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto abaribarin'i Jesoa. Ary tsy mihafihafy mihitsy i Jesoa miteny azy, tsy miolakolaka mihitsy izy milaza azy fa ambarany mivantana sy mahitsy. Inona ny tsy « terme » nampiasain'i Jesoa eto : « ***mpihatsaravelatsihy*** », « ***mpitarika jamba*** », ary naverimberiny mihitsy. Eo amin'ny and.23. Ny lalàn'i Mosesy (Deo.14,22 dia milaza fotsiny hoe :omeo an'i Jehovah ny ampahafolon'ny vokatry ny taninao rehetra. Ry « docteur de la loi » sy ny Fariseo dia nahavita mihitsy nitanisa amin'ny antsipiriany ireo vokatra rehetra hanomezana ny ampahafolony ho an'ny Tompo. Santionan'izany izay ambaran'i Jesoa eto : zava-maniry solila (menthe), aneta (ανηθον, fenouil), komina (κυμινον, cumin). Faly izy ireo mitanisa ny « détaille » n'ny lalàna, fa ny goavana indrindra amin'ny lalàna, ny fototry ny lalàna tsy nasiany resaka na dia kely aza, na tsy noraharahainy mihitsy aza. Tsy inona izany fa ny rariny sy ny famindram-po. Jesoa tsy nandrara hoe aza atao izany, fa ny fanakianany dia izao : adinon'ireto mpahay lalàna ireto ny « essentiel », dia ny rariny sy ny famindram-po. Ilay tsy iraharahiany ny rariny sy ny famindram-po dia mody sarotsaromany ny fanomezana ny ampahafolon'ireo vokatry ny tany madinidinika. Toy izany koa eo amin'ny and. 24, ny Fariseo dia mahavatra mitatavana tsara ny rano hosotroiny noho ny tahotry saho mahatelina bibikely maloto, toy ny moka sy ny bibikely hafa (impur). Mitandro tahaka ny anaka andriamaso ny fahadiovana ara-pivavahana. Fa hadino tanteraka kosa ny fahadiovana anaty dia ny fahadiovan'ny fo, izay fahadiovana lehibe indrindra tokony hatao voalohany. Io ilay sarin'ny rameva atelina eto. Ety ivelany amin'ny fanarahana ireo fombafombam-pivavahana dia tena tsy misy tahaka azy, fa ny ao anaty, ny fo dia maloto, tsy madio. Izany indrindra no antony nitenenan'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jeremia hoe : « ***Eny forao ny fonareo, ry Joda sy ry mponina any Jerosalema, fandrao hiseho toy ny afo ny fahatezerako noho ny faharatsian'ny ataonareo...*** » (Jer.4,4) Toy izany ihany koa ny and. 25, nambaran'i Jesoa, manadio tsara ny vohon'ny kapoaka (l'extérieur des coupes) sy ny lovia (l'extérieur des assiettes) ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto, fa ny ao anatin'ily kapoaka sy ny lovia dia feno rombaka (biens et argent obtenus par des vols), sy tsi-fahononana (intempérance). Izany hoe, diovina tsara ny ivelan'ny lovia hihinanana sy ny vera hisotroana, nefa ny sakafo ao anatinany sy ny zava-pisotro ao anatinany dia nangalarina sy azo tamin'ny tsy fahononana. Ety ivelany hitan'ny olona ianareo, hoy Jesoa amin'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo ireo, dia toa madio, masin-dahy, olo-marina, fa ny ao anatinareo, ny fonareo maloto, lo, feno faharatsiana, fahankahalana. Izany ilay fihatsaram-belatsihy. Eo amin'ny and.27, dia ampitahain'i Jesoa amin'ny fasana ireto tompon'andraikitra ireto, ety ivelany fotsy madio tsara, fa ny ao anatinany dia taolan'ny maty sy ny faharatsiana rehetra. Raha sendra mahakasika fasana ny Jiosy dia tonga maloto (impur). Noho izany mba ialàna ny fahakasihana azy tsinahy, indrindra amin'ny alina, dia lokoina fotsy izy mba ho hita miharihary tsara. Izany sary izany no hitan'i Jesoa nentiny nilazana ny fihatsarambelatsihin'ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto. Ety ivelany dia toa olo-masina tsy misy tahaka azy amin'ny fahatsaram-panahy sy ny fitiavana, fa ny ao anatinany dia feno fahalovana.

Ry havana, inona no ifandraisan'izany fihatsaram-belatsihin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo izany amin'ny « narcissisme » izay iadiantsika, iadian'ny kristiana ? Ny « narcissique », hoy isika, dia olona mihevitra ny tenany ho manan-danja noho ny hafa, mahay noho ny hafa. Tiany ho izy ihany no hodokafana, hoderaina, hohasohasoina. Tsy tantiny raha misy olon-kafa derain'ny olona, tompotompoin'ny olona. Tsy tantiny raha misy olon-kafa ataon'ny olona toy



ny mpanjaka kely noho izy. Tsy zakany raha misy olon-kafa mahavita noho izy. Raha fintinina, izy ihany no tiany ho « centre d'intérêt ». Izay ilay « égocentrique ». Rehefa nahavita fahagagana maro i Jesoa, nanasitra aretiny maro, nampahiratra ny jamba, nampahalady ny marenina, nampiteny ny moana, namoaka demonia, dia nanomboka nanaraka Azy ny vahoaka. Lasa i Jesoa indray no « centre. » Tsy zakan'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo izany. Ary ny tena nahafeno ny kapoakany dia ilay nananganan'i Jesoa an'i Lazarosy tamin'ny maty, ny niakaran'i Jesoa tam-boninahitra tao Jerosalema, ka nihobian'ny olona Azy, ny nandravaravany ny tao amin'ny Tempoly. Tena Jesoa no « rôle » e ! Tsy tantin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo izany amin'ny maha « narcissique » azy ireo. Nanomboka nitady tetika sy hirika tamin'izay ry zareo hampangana an'i Jesoa sy hahazahoana misambotra azy. Amin'ny lafiny iray, te hisambotra an'i Jesoa izy ireo. Amin'ny lafiny ilany, matahotra ny vahoaka izy ireo satria noheverin'ny olona ho mpaminany i Jesoa. Dia nanomboka niharihary tsikelikely ny fihatsaram-belatsihany, ary nabaribarin'i Jesoa izany. Eo imason'ny olona izy ireo mody malemy fanahy, manaja an'i Jesoa : « Mpamianatra ô ». Fa ny ao anatin'ny dia fankahalana, fikasana hamono. Tsy tantin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto hoe, lasan'i Jesoa indray ny voninahitra tokony ho azy irery, ny fanasohasoana tokony ho azy irery, ny fahatsarana tokony ho azy irery. Noho izany tsy maintsy « éliminer » amin'ny fomba rehetra izany Jesoa izany. Ampiasaina ny fihatsarambelatsihy eto. Raha ny marina, tsy miraharaha izay rariny sy tsy rariny izany izy ireo, tsy manana famindram-po. Izay mibaiko sy mahamaika azy dia izy atao toy ny mpanjakakely, izy tompotompoina, izy no tena mahavita azy. Tsy mety aminy raha misy hafa mitady haka an'izany toerana izany.

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, tsy ankasitranan'Andriamanitra ny toetra tahaka izany. Te ho tsara foana noho ny hafa ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto ; tiany ho zavatra tsara foana no hotenenin'ny olona momba azy ; tsy mahatanty fanakianana na dia kely aza. Hany ka miezaka izy na dia farafaharatsiny aza ny endrika ety ivelany ihany ho tsara, na amin'ny alalan'ny teny mody mitory fitiavana nefa ny ao anatin'ny fo feno fankahalana, amin'ny alalan'ny fihetsika mody mitory fahalempanahy, amin'ny alalan'ny teny toa feno fanajana sy fitiavana, nefa ny ao anatin'ny dia mety mifanohitra amin'izany. Te hampiseho foana izy fa tsara noho ny hafa, nefa tsy mahavita manao izany hatramin'ny any anatin'ny fo, fa ny eo ivelany ihany mba hideran'ny olona azy. Impiry ireto Fariseho sy mpanora-dalàna ireto no tezitra mafy tamin'i Jesoa, ary mikasa ny hisambotra sy hamono Azy. Eo am-piresahana amin'i Jesoa anefa izy dia tena hoe tsy misy hoatra azy amin'ny fahalempanahy sy ny fitiavana ary ny fanajana an'i Jesoa. Hoy isika teo hoe ireto mpanora-dalàna ireto rehefa miresaka amin'i Jesoa : « *Mpampianatra ô, marina izay nolazainao.* » (Lioka 20,39). Ny ao anatin'ny anefa feno fankahalàna, mitady ny fomba hisamborana Azy. Nentin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto teo amin'i Jesoa indray mandeha ny vehivavy iray izay azo nijangajanga, mba hamandrihana Azy. Ny lalàn'ny Mosesy dia mandidy ny vehivavy azo nijangajanga ho toraham-bato. Hoy izay voasoratra : « *Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; ary rehefa napetrany teo afovoany izy, dia hoy ireo taminy: Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olan-tanana nijangajanga. Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24); fa ahoana kosa hoy Hianao? Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hampangany Azy. Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànanany.* » (Jaona 8:3-6). Ilay endrika ety ivelany, tiany hotazonina ary ho hitan'ny olona hoe tsara, feno fitiavana, feno fanajana. Dia miteny : « Mpampianatra ô » ; ny ao anaty anefa fo feno fankahalana, fikasana famonoana. Tsy tantin'izy ireo raha misy hafa koa hohasohasoina, deraina, satria mahavita noho izy ireo. Izay moa, hoy isika teo, no toetra anakirain'ny narcissique. Ry havana, tsy mankasitraka izany toetra izany ny Tompontosika. Mazava, hentitra sady henjana ny teniny : LOZANAREO (Malheur à vous). Hoy ny tenin'i

Jesoa amin'ny « narcissique » eo amin'ny and.33 : « *Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana no fandositra ny fanamelohana ho any amin'ny helo?* » (Matio 23:33). Hejana anie, ry havana izany tenin'i Jesoa izany e !: Ry bibilava, ry taranaky ny menarana. Asa ao am-piangonana ao raha hisy Mpitandrina hiteny an'izany eo ambony Polipitra ka hisy kristiana ho tafajanona ao am-piangonana ao. Fa tena tsy lefitry ny Tompotsika mihitsy izany « narcissique » na « égocentrique » izany. Mahatezitra Azy izany. Ho avy aminareo hoy Jesoa, raha mitodika amin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto ny FANAMELOHANA, ary TSY HO AFA-MANDOSITRA IZANY FANAMELOHANA IZANY IANAREO. Ry havana, diniho ny tenanao, sao dia mba « narcissique » na « egocentrique » koa ianao. Sao dia ilay olona tsy mieritreritra afa –tsy ny tenanao sy ny tombotsy ianao ka tsy miraharaha ny hafa, tsy misy fitiavana, na fangorahana ny hafa.

## Famaranana

Eto am-pamaranana dia Tenin'Andriamanitra vitsivitsy entina miady amin'ny « narcissisme » na « égocentrisme » no zaraina amintsika. Ny voalohany dia ilay Tenin'Andriamanitra namintinan'i Jesoa ny lalàna rehetra : « *Koa tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra (Deo. 6. 4, 5). Ary ny faharoa dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao (Lev. 19. 18). Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo.* » (Marka 12:30-31). Ao anatin'io andinin-tsora masina io dia misy fitiavana 3 takian'ny Tompo amintsika mpanara-dia Azy, izay samy tsy misy azo hamaivanina. Ny fitiavana voalohany dia ny fitiavana an'Andriamanitra Raintsika. Ho tia an'Andriamanitra amin'ny fo sy fanahy ary ny saintsika sy ny herintsika manontolo isika. Ny fitiavana faharoa dia ny fitiavana ny namana. Izay te ho mpanara-dia ny Tompo dia tsy maintsy tia ny namana, izany hoe ho tia ny olona rehetra, eny fa na dia ny fahavalonao aza, araka ny Tenin'Andriamanitra manao hoe : « *Fa Izaho kosa milaza aminareo hœ: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo,* » (Matio 5:44). Ny fitiavana fahatelo takian'ny Tompo amintsika, dia ny fitiavana ny tenantsika. « Tiava ny namanao tahaka ny tenanao ». Ny dikan'io Tenin'Andriamanitra io dia izao : Tiavo ny tenanao, ary tahaka izay fitiavanao ny tenanao izay no hitiavo koa ny namanao. Amporisihan'ny Tompo mihitsy isika hitia ny tenantsika, nefa tsy mijanona eo amin'ny tenantsika ny fitiavantsika fa tonga hatrany amin'ny namana. Manao ahoana ny fitiavanao ny tenanao ? Dia tokony ho tahaka izany koa no hitiavanao ny hafa. Fa raha tsy izany no ataonao dia tafiditra ao anatin'ny « narcissisme » ianao. Ny Apostoly Paoly aza dia mbola lasa lavitra noho izany mihitsy satria hoy izy : « *Aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany.* » (Filipiana 2:3). Ny « narcissique » dia tia ny tenany tafahoatra, fa i Paoly dia mamporisika ho tia ny hafa bebe kokoa noho ny tena aza. Mbola manao lavitra noho izany koa aza izay nambaran'i Jesoa : « *Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany.* » (Jaona 15:13). Raha ilaina aza izany, hoy i Jesoa dia tsy maninona raha maty mba hamonjena ny hafa. Ny olona manao izany no tena manana fitiavana lehibe. Nanome modely tamin'izany i Jesoa : nanaiky ho faty teo ambony hazo fijaliana mba hamonjena izao tontolo izao.

## Fanamarihana

Aoka tsy hafangaro ny fitiavana ny tena (aimer soi-même) sy ny fitiavan-tena (égoïsme). Ny fitiavana ny tena (aimer soi-même), dia ny fikolokoloana ny vatana : omena sakafo arapahasalamana mba ho salama, omena fialan-tsasatra ampy, tsaboina tsara raha marary, karakaraina mba ho tsara endrika, omena sakafo-panahy mba ho voavonjy, sy ny sisa.

Fa ny fitiavan-tena (égoïsme) dia toy izao : **L'égoïsme est défini comme une disposition à parler trop de soi, à rapporter tout à soi** (égocentrisme : mieritreritra ny tenany manontolo ; tsy mieritreritra ny hafa mihitsy ; ny hieritreretany ny hafa dia ny ahafahany mijery ny tombotsoany, raha misy tombotsoany ny fijererna ny hafa dia mijery ny hafa izy) **ou comme l'attachement excessif à soi-même** (individualisme : mieritreritra ny tenany tafahoatra ; mieritreritra ny hafa ihany izy fa kely ; ny tombotsoan'ny tenany aloha no mandeha voalohany izay vao ny tombotsoan'ny hafa). Ny égoïsme izany dia fitambaran'ny égocentrisme sy ny individualisme.

Andriamatoa Zozo RANDRIAMANANTSOA, Mpitandrina